# TARI-DALANA MAHASOA HO AN'NY IREO MPINO SILAMO VAOVAO

Mpanomana
**Mohammad Ashahry**

المختصر المفيد للمسلم الجديد -ملاغاشي

بيان الإسلام
Bayan AL-Islam

ح جمعية الدعوة و الارشاد وتوعية الجاليات بالربوة ، ١٤٤٥هـ

الشهري ، محمد

المختصر المفيد للمسلم الجديد - ملاغاشي. / محمد الشهري - ط.١

-. الرياض ، ١٤٤٥هـ

٣٤ ص ؛ ١٤ × ٢١ سم

ردمك: ٦-٨٣-٨٤١٧-٦٠٣-٩٧٨

١٤٤٥ / ٢٠٨٤٤

## Partners in Implementation

Content Association

Rowad Translation

Rabwah Association

Byenah

This publication may be printed and disseminated by any means provided that the source is mentioned and no change is made to the text.

Tel : +966 50 244 7000
info@islamiccontent.org
Riyadh 13245-2836
www.islamiccontent.org

# TARI-DALANA MAHASOA HO AN'NY IREO MPINO SILAMO VAOVAO

Mpanomana

**Mohammad Ashahry**

2020-1441

## Teny fanolorana sy fanokafana

Ka izay àry no ela fa:

Nomen'i Tompo Allah haja sy voninahitra ary hasina

manokana ireo taranakan'ny Mpaminany Adama (A.s) ary izy ireo no nosafidiny Tompo Allah amin'ireo zava-boary maro samy hafa izay nohariany, ka Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe: {Efa nomenay haja sy voninahitra sahaza azy ireo ny taranakan'ny Adama (A.s)}

34- Azy irery ihany ireo Anarana tsara rehetra sy

ireo avo indrindra izay napetrany ho an'ny Tenany

manokana ary napetrakin'ny Mpaminaniny (s.w.a)

ho Azy ihany koa, ka izany rehetra izany dia

milaza tanteraka ny fahafenoany sy ny hatsarany

rehetra, ka tsy misy mihitsy ny tahaka Azy ary Izy

tokoa no tena Maheno sy Mahita.

ilay be Fiantrana: dia Izy Allah no Tompo be indra-fo, ary indra-fony dia midadasika no lehibe mihoatra ny zava-drehetra. ilay Mahefa: izay midika hoe: i Tompo Allah no manana fahefana feno, izay tsy ahitana jaly na

fasahiranana eo Aminy ary tsy ahitana ny tsy fahampiana na fahatokanana ihany koa fa Izy dia

mahaleo-tena ara-mpahefana. ilay Mpanjaka: Izy no voadoka amin'ireo laza sy vonahitra izay maneho ny mpamari-toetra amin'ny lafiny fahalehibeazana sy famoretana ary fandaharana,

izany hoe: Izy no Tompon'izao rehetra izao ary mbola Izy ihany koa no Mpikarakara an'izany rehetra izany.

ilay tena Maheno: izay midika fa hoe: Izy Tompo

Allah no mahatsapa sy mahatakatra ary mahalala

an'izao rehetra izao na ny miafina izany na ny mibaribary. ilay be Fandriam-pahalemana: izany hoe: fandriampahalemana tena feno ka tsy ahitana lesoka na fahabangana ary tsy ahitana fahoriana na kilema izao rehetra izao.

ilay tena Mahita: ny fahitana izay mahafehy tanteraka ny zavadr-ehetra na vitsy na kely, tena Mahita ny rehetra Izy ary Mahafantatra sy Mahalala ny tsiambara-telo.

ilay Mpandraharaha ny rehetra: izany hoe: Izy Tompo Allah no tompon'andraikitra amin'ny fanomezana sy fizarana ny anjara masoandron'ny zava-boariny rehetra, Izy no Mpanangana ny mahasoa azy ireo,

Izy no mpikarakara ireo sakaizany ka

hamaivaniny avokoa ny momba azy ireo ary ataony

mahampy azy ireo ny momba azy ireo rehetra.

ilay Mpahary: Izy Tompo Allah no Nanao sy

nampisy an'izao rehetra izao ary Mpamolavola izay

tsy ahitana toy ny teo aloha.

ilay be Tambitamby: izany hoe: Izy Tompo Allah no manome haja sy vonahitra ireo mpanompony ary mandrotsaka ny hinakinany sy manome izay rehetra tadiavin'izy ireo

ilay Mahampy: izany hoe: Izy Tompo Allah no

Mpanome ny ampy amin'izay rehetra ilain'ireo

Mpanompony, ary izay rehetra omeny dia ampy

avokoa ka tsy mitady fanampiana amin'ny ankoatrany

intsony, fa Izy irery ihany koa no efa Mahampy.

ilay be Famelana: izany hoe: Izy Tompo Allah no

mahavita miaro antsakany sy andavany ireo Mpanompony amin'ny vokadratsy aterakin'ny fahotana ary tsy hanasazy azy ireo ny amin'izany akory Izy.

ary ny Mpino Islam dia mandinika ireo zavaboariny rehetra izay nohariany Tompony izay miseho

amin'ny endrika mahagaga ary amin'ny fomba feno

fanamaivanana no nanamboarany azy ireo,sy

amin'ny fomba fitantanana izany rehetra izany, ka

anisan'izany dia ny fikarakarana ireo zava-boary kely

madinika amin'izy ireo amin'ny alàlan'ny fitadiavana sy fanomezana ary fampisakafoanana sy

fikarakarana azy ireo mandra-pahalehibeny mba

ahafahan'izy ireo manolokolo tena, ka dera sy

vonahitra ary fisorana feno haja sy fankasitrahana ho an'i Tompo Allah ilay Mpahary, tena Azy tokoa ny Fitambitambezana ary anisany tambitamby avy Aminy dia ny fanamaivanany ireo fomba ahafahan'ny zava-boary mikarakara ny tenany sy man-damina ny momba azy miaraka amin'ny fahafenoan'ny fahalemeny.

Ny Mpaminaniko Mohammadi (s.w.a) -

Mohammadi (s.w.a) dia Hinakinaka sy Famindram-po

ary Fanomezana.

Izy dia Mohammadi zanak'i Abdallah (s.w.a) izay namarana ireo Iraka sy Mpaminany retra izay tonga nandalo teo aloha,nalefan'i Tompo Allah Izy hitondra ny finoana Islam ho an'Olombelona rehetra tsy ankanavaka, sy hitari-dàlana azy ireo amin'ny tsara rehetra ary ny tena lehibe amin'izany dia ny fanokanana an'i Tompo Allah fa Izy irery tokoa no tokana mendrika ho Tompoina amin'ny lafiny rehetra, ary nandrara azy ireo amin'ny fanaovana ny haratsiana rehetra ka ny haratsiana goavana amin'izany dia ny " Shiriky " fanakambanana i Tompo Allah amin'ny zavatra hafa

Ny hafatrany sy hafatrin'ireo Mpaminany rehetra teo alohany dia ny fitaritana ny rehetra amin'ny **fanompoana manokana an'i Tompo Allah tokana tsy manampaharoa tsy misy mpikambana Aminy.**

# Ny Boky masina Koroany ilay feno haja amambonahitra Satria dia Tenin'ny Tompoko Allah

Ny Boky masina Koroany dia Tenin'i Tompo Allah ilay

avo Tsitoha izay nampidinina tamin'ny Mpaminaniny

Mohammadi (s.w.a) mba hanala ny Zanak'olombelona amin'ny haizina ny fahaverezana ka mba hitarika azy ireo ho any amin'ny lalan'ny fahitsiana feno fahazavana no sady hitari-dàlana azy ireo amin'ny làlana mahitsy. Izay mankato ka mamaky Azy dia hahazo valisoa lehibe, ary ireo izay miasa ka manaraka sy manatanteraka ireo fanambarana izay mirakitra fahitsiana ao Anatiny manoloana ny fanarahana ny làla-mahitsy sy fijoroana tsara ampahitsiana.

Izaho dia hampafantatra ireo Andry hijoroany

finoana Islam

Niteny i Mpaminany (s.w.a) ka nanao hoe: Miorina

amin'ny Fototra dimy ny finoana Islam dia: ny

Fijoroana vavolombelona fa tsy misy Tompo

mendrika ho tompoina marina afa-tsy i Tompo Allah

ary i Mohammadi (s.w.a) dia Irakan'i Tompo Allah, ny

Fananganana ny Soalat, ny Famoahana ny Zakat, ny

Fifehezana amin'ny volana Ramadany sy ny

Fanaovana ny Hadjy amin'ilay trano masina any

Lameky

Ny andriny voalohany dia: Fijorona vavolombelona fa

tsy misy Tompo mendrika tompoina afa-tsy i Tompo Allah ary tena marina fa i Mohammadi (s.w.a) dia Mpaminany sy Irakan'i Tompo Allah.

Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe:

﴿فَٱعۡلَمۡ أَنَّهُۥ لَآ إِلَٰهَ إِلَّا ٱللَّهُ ١٩﴾ [محمد: ١٩]

*{Fantaro fa tsy misy Tompo mendrika ho tompoina marina afa-tsy i Tompo Allah} [ Sourat Mohammad: 19 ]*

Ny dikan'ny Fijorona vavolombelona fa tsy misy tompo afa-tsy i Tompo Allah dia ny hoe: tsy misy Tompo mendrika azo tompoina marina ampahamarinana afatsy i Tompo Allah.

Ny Fananganana ny Soalat dia ny fanatanterahana izany amin'izay fomba rehetra nametrahan'i Tompo Allah izany sy amin'izay nampianarin'i Mpaminany Mohammadi (s.w.a) Atsika.

## Ny Andriny faha-telo dia: Famoahana ny " Zakat " ampahan'ny harena

Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe:

﴿وَءَاتُواْ ٱلزَّكَوٰةَۚ وَمَا تُقَدِّمُواْ لِأَنفُسِكُم مِّنۡ خَيۡرٖ تَجِدُوهُ عِندَ ٱللَّهِۗ إِنَّ ٱللَّهَ بِمَا تَعۡمَلُونَ بَصِيرٞ ١١٠﴾ [البقرة: ١١٠]

*{ary mamoaha ny " Zakat ampahan'ny harena} [ Sourat al bakarat: 110 ]*

Ary Izy io dia Zo feno izay tsy maintsy avoaka amin'ireo harena sy fanana raha toa ka mahatratra ny fatra voafetra izay takina, ka avoaka sy omena ireo karazan'Olona valo izay efa voatondro sy voalaza ato anatin'ny Boky masina Koroany ireo

vondron'Olona ireo, ka anisan'izany ireo Mahantra sy ireo Masikiny.

**Ary amin'ny fanatan-terahana izany dia ho feno hinakinaka sy feno tambitamby ny Olona iray, ary ny tanjona amin'izany dia ny fanadiovana tanteraka ny toetran'ny Mpino Islam sy ny harenany, ary hampifalifaly ny fon'ireo Mahantra sy ireo Sahirana, ary fanatanjahana ny fifankatiavana sy ny firalahina manoloana ny fiarahamoninan'ny vahoaka Mpino Islam, ka noho ny amin'izany ny vahoaka Mpino Islam mpanao asa soa dia mamoaka izany amin'ny hatsarana ka lasa mahasambatra ny Fony ny fanatan-terahana an'izany, Satria mampiditra fahasambarana ho an'ny hafa.**

Ary ny fatran'ny " Zakat " amin'ny Harena dia 2,5% (roa faingo dimy isan-jato) amin'ireo harena izay azo tehirizina toin'ny amin'ny Volamena sy Volafotsy ary ny Lelam-bola sy ny Entam-barotra izay azo avarotra sy hividianana mba ahazoana tombom-barotra; ka izany rehetra izan rehefa mahatratra ny lanjan'ny Fatra izay voafetra sy feno iray Taona dia tsy maintsy avoaka.

Ary voadidy tahaka izany ihany koa ny Famoahana ny " Zakat " amin'ireo Olona izay manana Biby Fiompy tahaka ny (Rameva, Omby, Ondry sy Osy), raha toa ka mihinana bozaka amin'ny tany mandavataona sy tsy ampisakafon'ny tompony.

Ary voadidy tahaka izany ihany koa ny famoahana ny " Zakat " amin'ireo vokatra rehetra izay azo avy ambanin'ny tany amin'ireo Voamaina, Voankazo, metaly sy harena ankibon-tany raha toa ka mahatratra ny fatra voafetra.

Ny Andriny faha-efatra dia: Fifadian-kanina amin'ny volana Ramadany.

Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe:

﴿يَـٰٓأَيُّهَا ٱلَّذِينَ ءَامَنُواْ كُتِبَ عَلَيۡكُمُ ٱلصِّيَامُ كَمَا كُتِبَ عَلَى ٱلَّذِينَ مِن قَبۡلِكُمۡ لَعَلَّكُمۡ تَتَّقُونَ ١٨٣﴾[البقرة: ١٨٣]

*{Ô Ianareo vahoaka izay nino ka manampinoana ! Voadidy ho Anareo ny Fifehezana toy ny nandidiana ireo vahoaka izay teo alohanareo, angamba hanam-patahorana Ianareo.} [ Sourat al bakarat: 183 ]*

Ny Volana Ramadany dia: volana faha-sivy amin'ny taona izay voarakitra ao amin'ny kalandrie hidjiria, sy volana manan-kaja amin'ireo vahoaka Mpino Islam, ary manana toerana manokana eo anatrehan'ireo volana sasany Izy, ary ny Fifehezana feno amin'izany volana izany dia tafiditra ho anisan'ny Faha-dimy amin'ireo Andry ny finoana Islam

Fifehezana amin'ny volana Ramadany dia: Fanompoana an'i Tompo Allah amin'ny alàlan'ny fanakanan-tena amin'ny tsy fisakafoanana sy tsy fisotroana ary tsy fanaovana firaisana ara-nofo, sy ireo mety ho sakafo avokoa, ka ny fe-mpotoana dia manomboka amin'ny maraina vao mangiran-dratsy ka

hatramin'ny filentehan'ny masoandro mandritran'ny andro rehetra ao anatin'ny volana Ramadany izay feno fahasoavana.

Ny Andry faha-dimy dia: Fivahiniana masina any amin'ny tranon'i Tompo Allah.

Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe:

﴿...وَلِلَّهِ عَلَى ٱلنَّاسِ حِجُّ ٱلۡبَيۡتِ مَنِ ٱسۡتَطَاعَ إِلَيۡهِ سَبِيلٗاۚ ...﴾[آل عمران: ٩٧]

*{Adidin’ny Olombelona rehetra amin’i Tompo Allah ny mitsidika ilay Trano Masina indrindra fa ho an'ireo Olona manan-katao amin' izany. [ Sourat al Imran: 97 ]*

Ny Hadjy dia ho an'ireo rehetra hita fa manan-katao amin'ny fanatanterahana an'izany, ka tanterahin'Olona iray indray mandeha ihany eo amin'ny fiainany izany, ka izany dia fametrahana fikasana sy finiavana fa hitodidoha ho any amin'ny Tany masina amin'ny fanatanterahana ireo fomba masina rehetra ara-mpinoana any amin'ny tanàn'ny Makka ka ny fanaovana sy fanatan-terahana an'izany karazampanompoana izany dia amin'ny fotoana voafetra ary anisany efa nanatanteraka an'i izany Hadjy izany dia i Mpaminany Mohammadi (s.w.a) ary efa nisy tamin'ireo Mpaminany teo alohany ihany koa no efa nanatanteraka an'izany Hadjy izany, ary nodidiany Tompo Allah sy nobekoiny i Mpaminany Abrahama (A.s) mba hiantso ny Zanak'olombelona rehetra tsy an-kanavaka ny mba hanatan-teraka an' izany Hadjy izany, araka izay voalazan'i Tompo Allah ao anatin'ny

Boky masina Koroany manao hoe:

﴿وَأَذِّن فِي ٱلنَّاسِ بِٱلۡحَجِّ يَأۡتُوكَ رِجَالٗا وَعَلَىٰ كُلِّ ضَامِرٖ يَأۡتِينَ مِن كُلِّ فَجٍّ عَمِيقٖ﴾[الحج: ٢٧]

*{Antsoy ny Olona rehetra tsy an-kanavaka mba ho amin’ny fanatanterahana ny fivahinianana masina ny (Hadjy), fa dia ho tonga eo Aminao avokoa izy ireo, ao ny ho tonga amin'ny lafiny fam-pandehanana an-tongotra ary ao ny amin’ny alalan’ny biby fitaingenana, indrindra fa ireo izay avy lavitra fa ho tonga hamaly ny antso izy rehetra.} [ Sourat al Hadjy: 27 ]*

Izaho dia ahafantatra ny andrin'ny finoana ny " Imany "

Ary ny asa rehetra izay ataon'ny ratsam-batana amin'ny endrika mibaribary: tahaka ny " Soalat ", ny " Hadjy ", ny Fifadian-kanina, ary ireo ratsam-batana miafina izay misy fifandraisana amin'ny Fo tahaka ny fitiavana an'i Tompo Allah sy fatahorana Azy, ary ny fametrahana toky sy fahatokisana Aminy sy ny fahadiovam-po amin'ireo asa rehetra ho Azy irery ihany.

Ary izany rehetra izany dia nofaritin'ireo Manampahalalana fa hoe: ny Fitokisana ao Am-po, ny Fitenenana amin'ny Lela, ary ny Asa ataon'ireo ratsam-batana, mitombo amin'alàlan'ny fanaovana ireo Asa soa, ary mihena izany amin'ny alàlan'ny fanatan-terahana ny Asa ratsy sy ny fahotana

Ny Finoana an'i Tompo Allah dia mitaky ny fanokanana Azy amin'ny maha-panabe sy mpitaiza ary mpitarimy Azy, ary tokana ihany koa Izy amin'ny lafiny maha Tompo Azy, sy amin'ireo anarany sy ny laza amambonahitrany, ary izany rehetra izany dia mitaky ireto avy:

Ny Finoana sy ny fisian'ilay be fiderana an’ilay avo Tsitoha

Ny Finoana ny Mahampahary sy mahapanabe ary mpitaiza an'ilay avo Tsitoha Azy, ary Satria Izy no tompon'ny zava-drehetra, ary Izy irery ihany no Nahary an'izany rehetra izany sy Mpanome ny anjara mas oandrin'ny zavaboary rehetra ary mpandahatra sy mpandrindra ny fiainan'izy ireny.

Ny Finoana amin'ny maha Tompo mendrika tompoina Azy, ary Izy irery ihany no mendrika tompoina, Izy no tokana, tsy manam-paharoa no sady tsy misy zavatra mikambana Aminy, amin'ireto: toy ny amin'ny " Soalat ", ny Fangatahana, fanaovana

Sorona, sy ny fangatahana Fanampiana, Fiarovana, sy ireo karazana Fanompoana maro samy hafa ihany koa.

Ny Finoana sy fanekena ary fankatoavana ireo

Anaran'ny Tompo Allah

Izay tsara sy mendrika indrindra sy ireo laza amambonahitran'ilay avo Tsitoha izay namarininy ho an'ny Tenany na koa izay namarinin'i Mpaminany Mohammadi (s.w.a) ho an'ny Tenany, ary ny fanesorana ireo zavatra izay noesoriny amin'ny Tenany na koa ireo izay noesorin'i Mpaminany Mohammadi (s.w.a) amin'ny Tenany amin'ireo Anarana sy Laza ary vonahitra, ary tena marina fa ireo anarany sy lazany rehetra ireo dia efa mihoatra tanteraka ny anjara toerana avo eny izay tsara ary mendrika indrindra ary tena marina fa tena tsy misy ny mitovy tahaka Azy ary Izy tokoa no tena Maheno sy tena Mahita.

Ny Andriny faha-roa dia: Ny Finoanaan'ireo Anjely Ary izy ireo dia zavaboary lehibe sy goavana indrindra izay tsy voadinika ary tsy voafaritra mihitsy ny ahalehibiazany izy ireo sy ny isan'izy ireo afatsy i Tompo Allah irery ihany no mahalala sy mahafantatra ny isan'izy ireo, ary ny tsirairay amin' izy ireo dia samy manana ny laza sy vonahitra ary anarana sy asa aman-draikitra izay sahaniny avokoa izay noasain'i Tompo Allah fa tsy maintsy ataony tsirairay amin'izy ireo, ka anisan'izany i Anjely Djibrilo (A.s) izay tompon'andraikitra amin'ny fandaisana ireo hafatra sy fanambarana mirakitra ny faminaniana izay nidina avy

amin'i Tompo Allah ka mankany amin'ireo Irany sy Mpaminany maro izay nifandimby teto Antany.

Ny Andriny faha-telo: Ny Finoana ireo Boky

Ary ireo Boky avy any an-danitra izay voalazan'i Tompo Allah ao amin'ny Bokiny dia ireto avy izany:

Ny Boky Masina Koroany: izany dia fanambarana izay nampidinin'i Tompo Allah tamin'i Mpaminany Mohammadi (s.w.a).

Ny Boky Masina Zabora na koa Salamo dia Boky nampidinin'i Tompo Allah tamin'i Mpaminany Daodo " Davida " (A.s)

Ny Andrin'ny faha-efatra: Ny Finoana an'ireo Iraka sy Mpaminany dia ny fanekem-pinoana feno no sady entitra no hilazana fa tena marina fa i Tompo Allah dia efa nandefa ireo Iraka sy Mpaminany amin'ny vahoaka rehetra tsy ankanavaka ny mba hiantso azy ireo amin'ny fanompoana an'i Tompo Allah tokana irery ihany tsy manam-paharoa no tsy misy mpikambana Aminy, ary ny mba tsy hankatoa ireo izay tompoina ankoatran'i Tompo Allah.

Ary izy rehetra ireo dia Olombelona sy vatan-dehilahy avokoa sy Mpanompon'i Tompo Allah, ary tena marina fa izy ireo dia marina mahafatoky, no sady Mpatahotra an'i Tompo Allah sy mendrika hitokisana, mahitsy no mpitaridalàna amin'ny fahitsiana Satria

izy ireo anaty fahitsiana, nampian'i Tompo Allah amin'ny

alalan'ny fanomezana ireo zavatra manamarina azy ireo toy

ny fahagagana mba ho lalàna iray hitokisana azy ireo, ary tena

efa nampitan'izy ireo avokoa ny marina rehetra amin’ireo hafatra sy hiraka izay

nomen'i Tompo Allah azy ireo, ary izy rehetra ireo dia

anatiny fahamarinana sy fahitsiana mazava avokoa.

Ary efa nirahina sy nifaneky ary nifanaraka fa iray ihany ny fampielezana izay nataon'izy ireo, fampielezana an'ireo zavatra mianga avy amin'ny fototry ny finoana, ary izany dia ny fanokanana an'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha ami'ny fanompoana sy ny tsy fanakambanana Azy amin'ny zavatra hafa.

Ny Andriny faha-dimy dia: Ny Finoana ny fisiany Andro farany

Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe:

﴿ٱللَّهُ لَآ إِلَٰهَ إِلَّا هُوَۚ لَيَجۡمَعَنَّكُمۡ إِلَىٰ يَوۡمِ ٱلۡقِيَٰمَةِ لَا رَيۡبَ فِيهِۗ وَمَنۡ أَصۡدَقُ مِنَ ٱللَّهِ حَدِيثٗا ٨٧﴾[النساء: ٨٧]

*{Allah ! dia tsymisy Tompo Zanahary hafa afa-tsy Izy Tompo Allah irery ihany ! ary Izy Tompo Allah no hamory sy hanangona Ianareo amin'ny Andro farany,andron'ny fitsanganana ka io Andro io dia andro tsy misy ahiahy na koa fisalasalanana dia kely aza ny amin'izany.Ary izato koa ary no masinteny kokoa mihoatran'i Tompo Allah ?} [ Sourat an-Nisa: 87 ]*

Ny Finoana feno fanekena entitra amin'ny fanatanterahana an'ireo zava-misy fifandraisana amin'ny Andro farany, amin'ireo izay rehetra nolazain'i Tompontsika Allah ilay avo Tsitoha ao anatin'ny

Bokiny manan-kajana koa izay rehetra nolazain'i Mpaminanintsika Mohammadi (s.w.a) ihany koa toy ny fahafatesan'ny Olona iray, na koa ny Fitsanganana amin'ny maty na ny Fanangonana sy Famoriana ny Olombelona amin'izany Andro izany, sy ny fanelanelanana izay misy, ary ny fandanjana

ny asa rehetra izay vita, sy ny fitsarana azy, ary ny fisiany Paradisa sy ny Afo-be sy ny ankoatr'ireo izay tsy voalaza nefa misy fifandraisana amin'ny Andro farany.

Ny Andriny faha-enina dia: Ny Finoana ny lahatra sy anjara tsara na ratsy

Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe:

*{Tena marina fa ny Nahary ny zava-drehetra dia Izahay hoy i Tompo Allah araka ny famerana.} [ Sourat al bakarat: 49 ]*

Ny fotompinoana feno fifanekena sy fahatokisana dia manamarina fa ny zava-drehetra mitranga amin'ireo zava-boary dia fantatran'i Tompo Allah ary efa nalahatrany no sady efa nasiany fandaminany manokana ny momban'izany rehetra izany,

tena tokana tsy manam-paha-roa tokoa ary tsy misy mpikambana Aminy ny zava-drehetra na dia iray aza, ary izany Anjara sy Lahatra izany dia efa voasoratra alohan'ny nanamboaran'ny

Tompo Allah ny Zanak'Olombelona, ary ny marina amin'ny Zanak'Olombelona dia fananan'izy ireo finiavana sy fikasana

ary safidy, ary marina tokoa fa izy ireo no mpanatan-teraka ny

asa sy fihetsika rehetra marina sy maripototra; ka nefa tena marina

fa tsy ho tafavoaka izany rehetra izany raha tsy avy amin'ny

fahalalan'i Tompo Allah sy ny safidy sy fanekena avy Aminy

Fa ny Finoana ny Lahatra sy Anjara dia mihainga avy amin'ny zavatra Efatra: Ny faha-roa dia:

Ny Finoana sy fanekena fa efa voasoratra sy efa voarakitran'i Tompo Allah avokoa ny hatrizay sy ny mandrakizay mandrapahatongavan'ny Andro farany.

Ny faha-telo dia: Ny Finoana an'ireo izay tiany Tompo Allah sy ireo izay sitrany ka dia tsy maintsy tanteraka avokoa izany rehetra izany amin'ny heriny feno sy fahefany ka izay tiany rehetra no mandalo sy

tanteraka avokoa fa izay tsy ilany ary tsy tiany kosa dia tsy tanteraka Ny faha-efatra dia: Ny Finoana marina fa i Tompo Allah dia Tompo Nahary sy Nanamboatra an'izao rehetra izao, fa tsy misy mpikambana Aminy tamin'ny Nahariany ny Zavaboariny rehetra

Hianatra fidiovana " Wozou " Aho

Ary Niteny i Mpaminany (s.w.a) ka nanao hoe: (Izay nanatanteraka ny fidiovana " Wozou " ka nohatsarainy tokoa izany " Wozou " izany dia mivoaka amin'ny vatany avokoa ireo fahotany rehetra).

Ka ny Mpanompo iray rehefa manantona ny Tompony amin'ny fidiovana izay azo tsapain-tànana ka tsy inona akory izany fa ny fanaovana ny " Wozou ", ary ny tsy azo tsapain-tànana kosa dia ny fanatanterahana ny fanompoana, ka tanteraina izany amin'ny fahadiovam-po ho an'i Tompo Allah, no sady atao manaraka ny sori-dàlan'i Mpaminany (s.w.a).

Ireo zavatra mitaky ny fidiovana na ny fanaovana ny " Wozou " dia ireto:

1- Ny Fanompom-pivavahana " Soalat " rehetra voadidy na koa ireo izay tsy voadidy.

2- Ny fanaovana " Toawafo " izany hoe: Fihodikodinana eo amin'ny lapa masina ny " Kaabat ".

Izaho dia hanao sy hanatan-teraka ny " Wozou " sy hisaika amin'ny Rano madio.

Ny Rano madio dia: ireo Rano izay nidina avy any an-danitra na koa izay niboiboika avy anaty tany, ka nijanona amin'ny endriny fa tsy nioava ny iray amin'ireo endrika telo izay milaza ny toetra maha rano madio azy toin'ny lokony, sy ny tsirony ary ny fofony, izay mety manala ny fahadiovan'izany Rano izany.

Ny Dingana voalohany " 1 " dia: Ny Fikasana ao am-po, ary ny dikan'izany dia ny hoe: Fanapaha-kevitra miaraka amin'ny fanetren-tena fa hanao sy hanatanteraka ny fanompoana mba fomba iray hanakaikezana an'i Tompo Allah.

Ny Dingana faha-roa " 2 " dia: Ny Fanasana ny felatànana roa.

Ny Dingana faha-telo " 3 " dia: Ny Fanotsanam-bava amin'ny alalan'ny Rano.

Ny fanotsanam-bava dia: fampidirana ny Rano ao am-bava sy ny fanodikodinana izany ao am-bava, avy eo avoaka arina aty ivelany.

Ny Dingana faha-efatra " 4 " dia: Ny Fanadiovana ny orona

Ny fanadiovana ny orona dia: fisintonana ny Rano ao anaty orona amin'ny alàlan'ny fakana aina ka hatramin'ny faran'ny orona.

Avy eo famoahana izany Rano izany amin'ny alàlan'ny fanisinan-delo avy amin'ny orona na koa ankoatr'izany amin'ny fihainàna.

**ka ny Fetran'ny Tarehy dia:**

Ary ny " Bayad " dia manomboka: eo anelanelan'ny " Anzhar " sy ny sofina. Ary ny " Anzhar " kosa dia: ny volo izay eo amin'ny taolana mipoitra, mifanitsy amin'ny lavaky ny sofina farany mankany amin'ny ati-doha, ary midina avy eo amin'ny takelaky ny sofina ary ny " Bayad " dia ny eo anelanelan'ny Anzar sy ny sofina. Ary tahakan'izany koa ny fanasana ireo volo be izay eo amin'ny somotra sy ny volokely izay miseho ireny.

Ny Dingana faha-enina " 6 " dia: Ny Fanasana ny tànana roa miatomboka amin'ny tendron'ny ratsan-tànana roa ka hatramin'ny kioho roa.

Ary ny Fanasana kiho roa dia voadidy ihany koa fa tsy maintsy ary Obligatoara ny Fanasana azy.

Ny Dingana faha-fito " 7 " dia: Ny Fisafona ny loha miaraka sofina roa amin'ny alàlan'ny tànana roa ka atao indray mandeha ihany izany.

Miatomboka amin'ny voalohan'ny loha ka

hatramin'ny hatoka afara ary averina any aloha

indray mandeha ihany koa.

Ary ampidirina ao anaty sofina roa ny fanondro roa.

Ary ny anki-be roa atao ivelan'ny sofina roa, ka

safoina tsara amin'izany ny ivelany sofina sy ny ao anatiny.

Ny Dingana faha-valo " 8 " dia: Ny Fanasana

tongotra roa miatomboka eo amin'ny tendron'ny

ratsan-tongotra roa ka hatramin'ny kitro tongotra roa,

ary izany dia tafiditra amin'ny lalàn'ny fanaovana ny " Wozou ".

Ny kitro roa dia taolana roa izay mivoaka be ety

ambanin'ny ranjo.

Ireo Zavatra Manimba ny " Wozou ":

1- Ireo zavatra mivoaka eo amin'ny lalana roa toy ny

pipy sy tay ary hetotra sy ny tsiron'aina, ary ny rano

izay mivoaka alohany izany tsiron'aina

2- Fahaverezan-tsaina na amin'ny alàlan'ny torimaso lalina, na koa torana, na koa mamo, na koa adala.

3- Ireo rehetra izay nametrahana didy fa tsy maintsy mitaky ny fisehana dia manimba toy ny fivoahan'ny Tsiron'aina na ny fadim-bolana, ary ny Lio aorian'ny fiterahana

Rehefa manatanteraka ny fivoahana ny Olona iray ka namoaka ny Lotony dia voadidy io Olona io fa tsy maintsy hanala an'izany Loto izany na amin'ny alàlan'ny Rano madio izay tena tsara amin'ny fomba fahadiovana, na koa ankoatry ny Rano na amin'ireo zavatra mety ahafahana manala an'izany Loto izany toy ny vato sy ravin-kazo na ravi-damba na zavatra hafa ankoatran'izany, ary ny fomba mety amin'ny fanatan-terahana an'izany dia ny famafana ny Loto misy in-telo miantoana na mihoatra an'izany fa ny tena tanjona dia ny ahatonga ny Olona ao anatiny fahadiovana, ka ny fanadiovana dia mety mampiasa ireo zavatra madio hafaka ampiasana amin'ny fahadiovana.

Ny Fisafoana ny Bakiraro sy ny Kiraro hoditra rehefa mitafy ny Bakiraro sy Kiraro hoditra dia afaka atao ny misafo eo

ambonin'izy roa ireo ka tsy mitaky ny fanasana tongotra roa akoatr'izany, fa misy ireo fe

petra tsy maintsy hajaina sy arahina ka dia ireto avy izany:

1- Ny Fisikinana azy roa aorian'ny fidiovana amin'ny Loto kely sy lehibe sy fanasana ny tongotra.

2- ary tokony madio izy roa fa tsy maloto tsy mila misy nadjisy

3- ary ny fisafoana azy dia mbola mila ao anaty fepotoana izay azo hisafoana azy.

4- takiana ny tokony halaly fa tsy akory halatra na koa noravana ilay izy.

Ny " Khoffany " dia Kiraro hoditra manify izay tafiana sy ireo Kiraro izay mahavita mandrakotra ny Tongotra roa.

Ny " Djaorabany " dia Ravin-damba na Ba-kiraro tafiana na koa ankoatr'izany.

Anisany lesona sy antony manokana maha mety ny Fisafoana amin'ny Kiraro hoditra dia izao:

Ny antony maha mety ny Fisafoana amin'ny Kiraro hoditra dia ny mba hanamaivana sy hanamora ny vahoaka Mpino Islam amin'ny raharaha ara-pinoana, ho an'izay mavesatra amin'izy ireo ny fanalana ny Kiraro na koa ny fanalana ny Ba-kiraro ka hanasa ny Tongotra, indrindra rehefa amin'ny fotoanan'ny ririnina

sy nintsy mafy, sy rehefa manatan-teraka ny fivoahana any ivelan'ny tanàna.

Fe-potoana anaovana ny Fisafoana dia ireto avy:

Ny eto an-toerana dia: atao andro aman'alina (24 ora).

fa ny tsy eto an-toerana kosa dia: telo andro aman'alina (72 ora).

ary atomboka ny fe-potoany rehefa nisafo voalohany ny Kiraro hoditra na koa ny Ba-kiraro aorian'ny Loto izay nitranga .

fomba fanatanterahana ny Fisafoana ny Kiraro hoditra sy ny Ba-kiraro dia izao:

1- Lemana ny tànana roa.
2- - Ampandalovina ny tànana eo ambonin'ny tongotra roa (miatomboka eo amin'ny tendron'ny ratsantongotra ka hatramin'ny tongotra).
3- - Safoina ny tongotra an-kavanana amin'ny tànana an-kavanana ary ny tongotra an-kavia amin'ny tànana an-kavia.

Ireo zavatra manimba ny Fisafoana dia:

1- ireo zavatra rehetra hita fa mitaky ny fisehana " Fandroana ".

2- ny fahataperan'ny fotoana ny Fisafoana.

Fisehana " Fandrona "

Raha toa ka ny lahy sy ny vavy nanatan-teraka ny firaisana ara-nofo, na koa nisy fivoahan'ny tsiron'aina avy amin'izy roa na avy nifoha amin'ny toromaso tsotra izany dia tsy maintsy man-dro sy miseky izy ireo mba ahafahan'izy roa manatan-teraka ny fanompoam-pivavahana Soalat sy ireo zavatra izay mitaky ny fahadiovana, ary tahakan'izany koa ny vehivavy rehefa tapitra ny fadim-bolanany sy ny Lio aorian'ny fiterahana dia voadidy Aminy ny man-dro alohany ahafahany manatan-teraka ny

fanompoampivavahana Soalat sy ireo zavatra mitaky an'izany fahadiovana izany.

Ny fomba fanatanterana ny fisekena sy fandrona dia tahak'izao:

Lemasan'ny Mpino iray ny vatany manotolo amin'ny Rano amin'izay fomba rehetra hanaovany azy, fa mila voarakotra Rano avokoa ny vatana ka anisan'izany ny fanotsanam-bava sy ny fandemana ny orona, rehefa lena tanteraka ny vatany dia efa miala aminy ny Loto lehibe ary vita ny fahadioavany.

Tsy azo ataon'ny Olona misy " Djanaba " izany hoe Olona nivoahan'ny tsiron'aina ireto zavatra ireto afatsy hoe avy nisaika sy nandro:

01- Ny Soalat na koa ny fanompom-pivavahana

02- Ny Fanaovana " Toawafo " iizany hoe fiodikodinana eo amin'ny lapa masina ny " Kaabat "

03- Ny Fijanonana ao amin'ny Moskiriny dia tsy azo ataony, fa ny mandalo fotsiny kosa nohony atony manokana dia azony atao

04- Ny Fitsapana na ny fitazomana ny Boky masina Koroany dia tsy azo ataony

05- Ny Famakiana ny Boky masina Koroany tsy mitazona azy dia mety

" TAYAMMOUMO " ny Fidiovana amin'ny Tany na amin'ireo zavatra rehetra avy amin'ny Tany

Raha toa ka sendra tsy nahita Rano ny Mpino iray mba anadiovany ny tenany na koa tsy afaka mampiasa ny Rano nohon'ny aretina na mety ankoatran'izany ka mety atahorany

ny tsy ahatratra ny fotoam-pivavahana dia mety manatanteraka ny " Tayammoumo " amin'ny alalan'ny fotaka.

Fomba fanaovana azy dia kampohina na pehana indray mandeha amin'ny tany ny tànana roa avy eo safoina amin'ny tarehy sy ny fela-tànana roa ihany koa , ka voadidy ny Tany na Fotaka no hanaovana azy fa mila madio.

Manimba ny " Tayammoumo " ireto zavatra manaraka ireto:

1-Manimba ny " Tayammoumo " dia ireo zavatra rehetra mety manimba ny Wozou.

2- Rehefa mahita Rano alohan'ny hanomboka ny fanompoana izay nahavitana ny " Tayammoumo " dia simba tsy manan-kery intsony izy ka Nodidin'i Tompo Allah ary nobaikony amin'ireo Mpino mpanaraka ny finoana Islam ny manatanteraka ny fanompom-pivavahana Soalat in-dimy isan'andro aman'alina, ary izany dia ny Soalat Fadjry, A-Zohry, A-nsry, M-aghriby, I-nsha

Hanomana hanao ny Soalat Aho.

Rehefa miditra ny fe-potoam-pivavahana dia midio manao fidiovana ny Mpino iray amin'ny fidiovana kely sy fidiovana lehibe raha toa ka maloto amin'ny Loto lehibe izy.

Ny Loto lehibe dia: izay zavatra mitaky amin'ny Mpino iray ny fanatanterahana ny fisehana " Fandrona "

Ny Loto kely dia: izay zavatra mitaky ho an'ny Mpino iray ny fanatanterahana ny Wozou

Manatanteraka Soalat ny Mpino iray amin'ny lamba madio, amin'ny toerana madio, fa tsy amin'ireo toerana na zavatra misy

Nadjisy na koa maloto no sady tsy maintsy manafina ny henany " henatra "

Mahazo mihaingo ny Mpino iray amin'ny lamba mendrika amin'ny fotoan'ny Soalat ary takomany amin'izany ny vatany, ary tsy azo ataon'ny lehilahy ny mamoaka ny manelanelan'ny foetrany sy ny lohaliny rehefa manatan-teraka ny Soalat.

Tsy maintsy ataon'ny vehivavy ny manafina ny vatany rehetra rehefa manatan-teraka ny Soalat afatsy ny tarehy sy ny fela-tànana roa ihany no mahazo mivoaka.

Tsy azo atao ny miteny anaty fanompoampivavahana Soalat ankoatran'ireo teny izay efa voatokana ny amin'izany, fa ny tsirairay dia mangina avokoa fa mihaino ny mpitarika " Imamo ", ary tsy mitoditodiika rehefa ao anatiny fanaovana Soalat, fa raha sendra tsy mahavita mitandrina na tsy mahafantatra ireo teny tokony ho lazaiina amin'ny Soalat dia manatan-teraka ireo " Zikr " sy " Tasbih " mandra-pahataperan'ny Soalat, ary tsy maintsy ataony tsirairay ny mianatra haingana ny fomba fanaovana ny Soalat sy ireo teny rehetra ao anatiny.

Hianatra fanompom-pivavahana izay atao hoe: Soalat Izaho

Dingana 1: Ny Fikasana sy ny finiavana ao am-po ho an'ny Soalat izay voadidy fa tsy maintsy ho tanterahina, ary ny toerana hametrahana an'izany fikasana izany dia ao Am-po.

Rehefa avy manao sy manatan-teraka ny fidiovana Wozou Aho dia avy hatrany mitodika any amin'ny lapa masina ny " Kiblat ",no mitsangana manatanteraka ny Soalat.

Dingana 2: Ampiakariko ny tanako roa ka ataoko mifanitsy mahitsy tsarra amin'ny soriko ary miteny Aho hoe: " Allah Akbaro " mikasa hiditra anaty Soalat.

Ka avy eo dia vakiko aorian'ny Sourate al fatihat izay Sourate maivana Amiko ao anaty Boky masina Koroany ao anatin'ny rakant voalohany sy faha-roa ihany amin'ireo Soalat rehetra, ary izany dia tsy voatery fa ny fanatanterahana azy dia azahoana valisoa lehibe.

Dingana 6: Miteny: (Allah Akbaro) avy eo manao fiondrehana " Rokon " ka ny lambosina atao mahitsy tsara amin'ny hatoko ka misaraka ireo ratsa-tanako, avy eo miteny hoe: (Soubhàna Roabby-al Anzhim) Aho amin'ny " Rokon ".

Dingana 7: Miakatra avy ao amin'ny " Rokon " Aho ka miteny hoe: (Samialloahou - Liman Hamidah) sy mampiakatra ny tanako mifanitsy tsara amin'ny soriko, rehefa mahitsy tsara ny vatako eo ampitsanganana dia miteny Aho hoe: (Roabbana Walakal Hamdo).

Dingana 8: Miteny (Allah Akbaro) ary miankohoka amin'ny fela-tànana roa, lohalika roa, ny tongotra roa, ny handrina sy ny orona, ary milaza sy miteny hoe: (Soubhana Roabbyal Anlà) amin'ny fiankohofana.

**Dingana 9: Miteny (Allah Akbaro) ary miandra avy amin'ny fiankohofana ka mahitsy tsara ny lambosiko sy mipetraka amin'ny tongotro ankavia ka ajoro ny tongotro an-kavanana, ary miteny hoe: (Roabby-ighofirly).**

Dingana 10: Miteny (Allah Akbaro) ary miankohoka indray tahaka ny fiankohofana tamin'ny voalohany teo ihany.

Dingana 11: Miandra avy amin'ny fiankohofana ka miteny hoe: (Allah Akbar) sy mitsangana mahitsy tsara, ka ataoko tahakan'ny tamin'ireo Rakant sisa mitovy amin'ny Rakant voalohany.

Dingana 12: Aorian'izany dia manao ny " Salamo " amin'ny an-kavanana, ka miteny hoe: (As-salamo An-laikom wa Rahmatolloahy) ary manao salamo koa amin'ny an-kaviako, ka miteny hoe: (As-salamo An-laikomo wa Rahmatolloahy) mikasa ny hivoaka amin'ny Soalat, ka amin'izany rehetra izany dia efa nahavita nanatanteraka tokoa ny Soalat ny Tenako.

Hidjab " Saron-doha sy vatana " ho an'ireo vehivavy Mpino mpanaraka ny finoana Islam Ary ny vehivavy Mpino Islam dia mitandro sy manatanteraka ireo fe-petra rehetraa izay takiana amin'ny fomba fitafiany manotolo ka ireto avy izany:

Voalohany: Ny Fandrakofana tanteraka ny vatana rehetra

Faha-roa: Tsy tokony hita na atao ho misy haingo ny lamba izay tafiana.

Faha-telo: Tsy tokony amin'ny endrika manify izay mety hamoaka na ahatazanina ny vatana ilay fitafy hanaovana

Faha-efatra: Tokony amin'ny endrika malalaka ny fittafy fa tsy tery ka lasa mamoaka ny endrika  Satria dia tsy anisan'ny toetoetran'ny Mpino izany .

Marina tokoa Izy eo amin'ny fomba firesany ary tsy mba mavandy na mandainga Tena mpanatanteraka an-tsakany sy an-davany ireo fifanekena sy fampanantenana izay efa natao

Tsy mba manao ny haratsiana rehefa anatiny mihady hevitra

Mamerina ireo toky izay efa nifanomezana

Mankatia ho an'ny namany Islamo ireo zavatra izay tiany ho an'ny tenany

Malala-tànana no sady tsara fanahy

Rady sy man-kasitraka amin'ireo lahatran'i Tompo Allah ary tena mbola man-kasitraka ihany koa rehefa anatin'ny fahasambarana ary afaka miaritra rehefa anatin'ny fasahiranana

## Mahalala menatra

Madio fo Izy ary tsy manana ny lolom-po ary ny ratsam-batany avokoa dia madio tanteraka amin'ny fampifahavaloana amin'ireo izay an-koatrany

Mamela helok'Olona

Tsy mihinana zana-bola ary tsy manao ny fiaramiasa amin'izany

Tsy mijangajanga  Tsy misotro toaka Manao soa sy hatsarana amin'ireo mpiara-belona Tsy mikatramo ny hafa ary tsy manao ny tsindry hazo lena ary tsy mba mamitaka

Tsy mangalatra no sady tsy manambaka

Hendry sy manao soa amin'ireo Ray aman-dReny, na dia tsy Mpino aza izy ireo, ary hendry sy manaraka azy ireo amin'ny hatsarana.

Mitaiza sy mitarimy ireo zanaka amin'ny hatsarana, ary mibaiko azy ireo amin'ny didy voaray sy napetran'ny Finoana Islam ary mandrara azy ireo amin'ireo haratsiana sy ireo zavatra izay efa voarara ny lalana

Tsy manao zavatra mitovy tahaka an'ireo fihetsika na asa na fomba amampanaon'ireo vahoaka tsy mpino tsy mpanaraka ny Finoana Islam amin'ny lafiny ara-mpinoana na koa hoe fanompoana na fombafomba mahazatra izay netim-paharazana ka lasa mampiavaka azy ireo no lasa fomba manokana ho azy ireo

Ka noharian'i Tompo Allah isika eto ambonin'ny tany amin'izao tonlo izao amin'ny antony manokana fa tsy hoe nohariany ho zava-poana izy ireo ny antony dia ny fahatongavatsika avy hanompo Azy ilay Tokana,tsy manam-paharoa izay tsy misy mpikambana Aminy, ary nametraka ireo lalàna voajanahary izay feno sy mamehy ny fiainan-tsika rehetra amin'ny endrika ankapobeny izany na an-tsipiriany, ary narovan'izany lalàna marina izany ireo zava-drehetra eto amin'ny

fiainana,ka tafiditra amin'izany ny Finoana sy ny vatana ary ny fanahy sy ny hasina ny saina, ary ireo harena, sy ireo izay mivelona amin'ireo raharaha ara-pinoana ihany koa ka mitandrina ny tsy hanao ireo zavatra voarara Satria efa voaharo avokoa amin'ireo ratsy rehetra no sady mihaina ao anatin'ny fahasambarana feno fitoniana eo amin'ny fiainana ka tsy misy tebiteby na ahiahy

Ity tokoa no ilay fifandraisana tena goavana sy lehibe indrindra izay maneho endrikin'ny fahatokanana izay mitarika amin'ny fakana sy fandraisana ny fahasoavana amin'ny fanompoan'ilay be fiantrana, ary mampitsiriritra ny amin'ny fihaonana ny mba ahitana Azy, ary mampanidina ny fony ao andanitry ny fahasambarana sy fiadanana amin'ny fahatsapany ny tsiron'izany Finoana izany.

Eny fa raha mahatsapa ny Olona iray fa ny Tompo nahary Azy no eo akaikiny, ary fantany ihany koa ireo anaran'ny Tompony sy ireo Laza tsara manoloana ny mpamari-toetrany, ary mitsanga manompo Azy tahaka ny hoe mahita Azy eo anatrehany, ary tena manadio tanteraka ny fony amin'ny fanompoana ny Tompony, ary ny fanompoany dia tsy ataony amin'ny antony zavatra hafa fa ho an'i Tompo Allah irery ihany tsy misy mikambana Aminy, ka lasa mihaina ao anaty

fiainana tsara feno fahasambarana eto an-tany ary tsara fiafaràna ihany koa any an-koatra.

Na dia eo aza ireo loza sy olana maro samy hafa izay mianjady amin'ireo Mpino eto an-tany, ka ny hafanan'izany dia esorin'ny

nintsin'ny fahatokisana feno fitoniana ary rady sy mankatoa tanteraka amin'ireo Lahatra sy Anjara rehetra izay napetrany Tompony, ary mbola misotra sy mankasitraka ary midera Azy ihany koa amin'ireo Lahatra sy Anjara na tsara na ratsy, ary tena rady sy mankato tanteraka an'izany rehetra izany.

Ary i Tompo Allah anie no handefa ny tsodrano sy fahombiazana ary ny fiadanana feno fandrimpahalemana ho an'ilay Mpanompony sady Irany, i Mpaminanintsika Mohammadi (s.w.a), sy ireo fianakaviany ary ireo mpiara-dia taminy sy ireny izay nanaraka Azy amin'ny endrika tsara.

Tapitra.

Fanoroam-pejy ho an'ny lohateny

Ny laharana Lohateny

Ny pejy Fiverenana amin'ny fonim-boky

Fifindrana amin'ny fanamariam-pejin'ireo lohateny

Mikambana Aminay amin'ny lesona Azonao amin'ilay Boky

Mandrosoa mba hiditra amin'ny tranokala

Boky fatao ho an'ny finday

Tsindrio raha toa ka hifindra eo amin'ny lohateny

Tsindrio eo amin'ny sary raha hiverina amin'ny fonim-boky

Raiso ka fafao ny " Bare code "

Fampisehoana ny fampianarana amin'ny alalan'ny (power point)

Vokatry ny hetsika

Boky natao printy

Boky finday Tranokala

Fampisehoana power point

Kopia manokana ho an'nyfinday

# FAMINTINANA

teny fanolorana sy fanokafana 4

ny boky masina koroany ilay feno haja amambonahitra satria dia tenin'ny tompoko allah 8

famintinana 34

# Get to know more about Islam

## in more than
# 100 languages

موسوعة الأحاديث النبوية
HadeethEnc.com

Accurate translations of Prophetic Hadiths and their explanations in more than (60) languages.

بيان الإسلام
byenah.com

Selected materials to introduce and teach Islam in more than (120) languages.

موسوعة القرآن الكريم
QuranEnc.com

Accurate translations of the meanings of the Quran in more than (75) languages.

موسوعات وخدمات إسلامية باللغات
s.islamenc.com

For more websites in world languages (s.islamcontent.com)

جامع المحتوى الإسلامي باللغات
islamcontent.com

Various and comprehensive Islamic materials in more than (125) languages.

ما لا يسع أطفال المسلمين جهله
kids.islamenc.com

Questions and answers for Muslim children and public in more than (40) languages.

جمعية خدمة المحتوى الإسلامي باللغات

جمعية الدعوة وتوعية الجاليات بالربوة
Rabwah




978-603-8417-83-6

Mg182